# Boky fampiofanana laharana 5:

# Fitantanana ny vola ao an-tokantrano

TETIK'ASA OIT-SAVABE, Faritra SAVA

# LOHAHEVITRA

- Inona moa no antsoina hoe mitantana ny vola?
- Fa maninona no mila tantanana ny vola?
- Soratana antsoratra ny vola miditra sy mivoaka.
- Hamarinina tsara raha marin-toerana ny teti-bola.
- Mahay mitsinjo ny ho avy mba tsy hidiran'ny fahasahiranana.

# Manao teti-bola, inona izany?

***Tsy faly amin'ny habetsahan'ny vola miditra fotsiny fa mila fantarina ihany koa hoe maharitra ve izany fidiram-bola izany sa tsia?: varotra vokatry ny fambolena, tombombarotra, karama….***

**Mila ampifanarahana amin'ny vola miditra ny fandaniana ao an-tokantrano**

Soritana aloha ny tena maika:

- *Vola mivoaka tsy miovaova (hofan-trano, saram-pianarana, hetra, fandoavana trosa…)*
- *Vola mivoaka miovaova (sakafo, fitafiana…)*
- *Fandaniana miserana (fetim-pianakaviana, fetim-pirenena, krismasy…)*

En anticipant les dépenses à venir Ary faritana ireo fandaniana tsy maintsy hatao:

- *Misy ny tsy maintsy efaina isam-bolana (hofan-trano, saram-pianaran'ny zaza..;)*
- *Misy ny azo kajina isan'andro na isam-bolana, toy ny sakafo, saribao…*
- *Misy indray ny efa fantatra mialoha ary ilaina atokana ny vola ilaina toy ny fanomanana ny fidiran'ny mpianatra, fety isan-karazany…*

Mila omanina ireo zavatra mety tsy hampoizina toy ny:


- Aretina, cyclone, aretim-boly, halatra…
- Mila mametraka tahiry mialoha mba ahafahana miatrika ireny loza tsy ampoizina ireny.

# Fa maninona no mila mahay mitantam-bola?

*Afaka ampidirina ao anaty kajy isam-bolana tsikelikely ny fanaovana tahiry.*

**Satria ny teti-bola marin-toerana dia ahafahana:**

- Miatrika ampahatoniana ny fandaniana isan-karazany.
- Manangona tahiry hitsinjovana ny hoavy.
- Manana antoka handoavana trosa.
- Misafidy tetik'asa afaka tanterahana.



# Soratana an-tsoratra ny vola miditra sy mivoaka

***Rehefa hanao tabilao momba ny teti-bola voalohany, dia afaka jerena daholo ny faktiora, na ihany koa faritana ireo vola efaina mivantana mba tsy hisy hadino.***

**Ahafahana manoritra ny fidiram-bola sy ny vola mivoaka rehetra**

- Tsisy hadinoina ny fidiram-bola sy ny vola mivoaka rehetra.
- Fantarina tsara ny fandaniana mety hatao rehetra, na ny isam-bolana, na ny indraindray na ny mety tsy hampoizina aza.

**Sokajiana izay laharam-pahamehana**

- Izay fandaniana tsy miovaova sy tsy afaka ialàna aloha (sakafo, fidiran'ny mpianatra, saram-pianaran'ny ankizy…).
- Manaraka avy eo izay afaka ampandeferina (labiera, sigara, fitafiana, fety isan-karazany…).

## Ohatra tabilao teti-bola isam-bolana

Volana: ………………………………..

| N° | Vola miditra | Noeritrer etina | Tena marina | Elanelany |
|---|---|---|---|---|
| 1 | Varotra vokatry ny fambolena | 500 000 | 400 000 | 100 000 |
| 2 | Varotra madinidinika | 100 000 | 60 000 | 40 000 |
| **Fitambaran'ny vola miditra** | | 600 000 | 460 000 | 140 000 |

| N° | Vola mivoaka | Noeritrer etina | Tena marina | Elanelany |
|---|---|---|---|---|
| 1 | Hofan-trano | 50 000 | 50 000 | 0 |
| 2 | Fitaovam-pambolena | 100 000 | 120 000 | -20 000 |
| 3 | Karaman'ny mpiasa | 100 000 | 120 000 | -20 000 |
| 4 | Sakafo | 100 000 | 100 000 | 0 |
| **Fitambaran'ny vola mivoaka** | | 350 000 | 390 000 | -40 000 |

| Famintinana | Noeritrer etina | Tena marina | Elanelany |
|---|---|---|---|
| Fitambaran'ny vola niditra | 600 000 | 460 000 | 140 000 |
| Fitambaran'ny vola nivoaka | 350 000 | 390 000 | -40 000 |
| Elanelany | 250 000 | 70 000 | 100 000 |

# Hamarino raha mifandanja ny vola miditra sy ny vola mivoaka

Izay sisa tavela aorian'ny fanefana ireo fandaniana tsy maintsy atao no antsoina hoe « ambim-bava » na « tahiry itsinjovana ny hoavy ».

***Misy ireo karazana fandaniana afaka ahena, izany hoe tanterahana ihany fa kosa asiana fetrany ny vola avoaka, toy ny fety, ny fisotroana, sns…***

**Salama tsara ny teti-bola ao an-tokantrano raha kely noho ny vola miditra ny vola mivoaka**

Afaka amboarina isam-bolana ny teti-bola, ireo fandaniana tsy matetika nefa tena ilaina (fidiran'ny mpianatra, hetra isan-karazany..;)dia afaka ampidirina ao anaty teti-bola isam-bolana.

Ny teti-bola marin-toerana dia :

- Ahafahana mametra ny vola mivoaka sy
- Ahafahana manao tahiry tsikelikely.

Raha hita fa be loatra ny vola mivoaka noho ny vola miditra, dia mila mijery vahaolana mba hampihenana ireo fandaniana sasantsasany

- Amin'ny alalan'ny famaritana ireo fandaniana afaka ialàna, toy ny fanaovana fety be…
- Sy ireo fandaniana afaka ahena.

# Mahay mitsinjo ny hoavy mba tsy hidiran'ny fahasahiranana

***Mila omanina mialoha ireo karazana fandaniana tena mafonja nefa tsy matetika, toy ny fanomanana fidiran'ny mpianatra, fety isan-karazany….***

**Ny fanaovana ny teti-bola isam-bolana dia:**

Ahafahana mametra ny famoaham-bola ho amin'izay tena ilaina ihany:

- Izay fandaniana noheverina ihany tanterahana.
- Aza manaiky azon'ny fakam-panahy hanao fandaniana mihoam-pampana.
- Mila mahafantatra foana hoe aiza ho aiza ny volako amin'izao?

Ahafahana mahita ny elanelana misy eo amin'ny fandaniana noeritreretina sy ny tena lany marina

- Ny elanelana na ny fatiantoka dia mety avy amin'ny fandaniana tsy ampiheverana.
- Mety ho avy amin'ny tsy fahaizana mahafantatra ny fandaniana mahazatra ihany koa.